# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Septambra 2018

# 16 Alahady septambra

**Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza ? Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe : Ianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona.** Matio 16. 15, 16

**Tompo ô, hankany amin'iza moa izahay ? Ianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay. Ary izahay mino ka mahalala fa Ianao no Ilay Masin'Andriamanitra.** Jaona 6. 68, 69

### Ilay fanontaniana lehibe indrindra

Inona no hevitrao momba an'i Jesosy Kristy ? Fanontaniana tena matotra io, ary raha ny marina, io no fanontaniana lehibe indrindra. Koa valio am-piheverana tsara. Hanana fifandraisana amin'Andriamanitra ianao, na tsy hanana, raha matoky an'i Jesosy Kristy na tsia, raha tia Azy na tsia. Olona maro mitondra ny anarana hoe kristiana no tsy mihevitra an'i Jesosy Kristy afa-tsy hoe olona tsara kokoa noho ny hafa, maritiora noho ny amin'Andriamanitra, ohatra lehibe faka tahaka, ary mpanorina ny fivavahana mitory ny fitiavana. Tsy izany anefa no tena ambaran'ny Baiboly.

Misy hafa indray, miantso an'i Jesosy Kristy hoe Mpamonjy, kanefa mihambo hanampy amin'ny asan'izy ireo avy, ny asa notontosain'ny Tompo. Dia manantena izy ireo fa rehefa mahavita izay azony natao, dia Jesosy no hanao ny ambiny. Izany koa dia mbola fihevitra tsy mahatakatra ny asa notontosain'ny Tompo ; Izy no efa nanatanteraka ny zavatra rehetra, ho famonjena antsika, satria Mpamonjy lavorary Izy.

Mbola misy hafa ihany koa, manaiky tsara fa Jesosy no hany loharanon'ny famonjena, Mpamonjy izao tontolo izao, saingy tsy manana fifandraisana manokana aminy akory, araka ny asehon'ny fiainan'izy ireo miharihary. Hatao inona moa izay fiheverana na izay teny toy ireo, amin'ny andro hampamoahan'Andriamanitra ny olona ?

Fa ny kristiana resy lahatra kosa dia tsy misalasala mamaly hoe : Jesosy no Mpamonjiko, Tompoko, Namako manankery lehibe, Mpiandry ahy. Rehefa nanontanian'i Jesosy i Petera, dia namaly hoe : „Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona". Mihoatra lavitra noho ny fiheverana tsotra izany ; izany mihitsy no fototra iorenan'ny finoana, fototra miantehitra amin'i Jesosy sy ny asa notontosainy.